



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**I PAOLY SY NY FIANGONANA TAO FILIPO (Filipiana)**  
**– PAUL ET LA COMMUNAUTE DE PHILIPPES (Philippiens)**

Talata 10 nôvambra 2020  
*Mardi 10 novembre 2020*

**MIOMBONA ADY SY FIARETANA (Filipiana 1, 12-30)**  
**– UNIS POUR COMBATTRE ET SOUFFRIR (Philippiens 1, 12-30)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :**

« Fa i Kristy no anton'ny hahavelomako ary ny fahafatesana no hahazoako tombony  
» (Filip. 1, 21) – « *En effet, Christ est ma vie et mourir représente un gain* » (Philip. 1, 21).

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Cantique) 300, 1-2 : Ny tany izay vangiana :**

1. Ny tany izay vangiana,  
Ry Jeso Masoandronay,  
Tsy maintsy lasanao, Jeso,  
Mba hanjakanao avokoa.
2. Ny vavaka sy dera koa  
Tsy manam-pitsaharana,  
Hiakatra aminao tokoa,  
Hitady fiadanana.

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

**Teksta 1 – Texte 1 : Filip. 1, 12-18 :**

12 Ary tiako ho fantatrarao, ry rahalahy, fa izay zavatra nanjo ahy dia efa tonga fampandrosoana ny Filazantsara kosa. 13 Ka ao amin'i Kristy, ny fifatorako, dia fantatry ny mpiambina andriana rehetra mbamin'ny olona hafa rehetra, 14 ary ny ankabiazan'ny rahalahy dia efa matoky ao amin'ny Tompo noho ny fifatorako ka mihasahisahy kokoa hitory ny Tenin'Andriamanitra tsy amin'ny tahotra.

*12 Je désire que vous le sachiez, frères et soeurs, ce qui m'est arrivé a plutôt contribué aux progrès de l'Évangile. 13 En effet, dans tout le prétoire et partout ailleurs, personne n'ignore que c'est pour Christ que je suis en prison. 14 Et la plupart des frères et soeurs, encouragés dans le Seigneur par mes chaînes, ont plus d'assurance pour annoncer sans crainte la Parole.*

15 Fialonana sy fifandirana aza no itorian'ny sasany an'i Kristy, ary fifaliana kosa ny an'ny sasany. 16 Fitiavana ny an'ny sasany, satria fantany fa voatendry ho mpanafatsiny ny Filazantsara aho ; 17 fifampiandaniana kosa ny itorian'ny sasany an'i Kristy, fa tsy mba fo madio, ka mihevitra hanampy fahoriana ny fifatorako. 18 Ahoana àry no izy hafa tsy izao ? Amin'ny atao rehetra, na amin'ny fihatsaram-belatsihy, na amin'ny marina, dia i Kristy no toriana, ary mifaly amin'izany aho ; eny, mbola hifaly ihany aho.

*15 Certains, il est vrai, proclament Christ par jalousie, avec un esprit de rivalité, mais d'autres Le proclament avec de bonnes intentions. 16 Les uns agissent par amour, sachant que je suis là pour la défense de l'Évangile ; 17 les autres, animés d'un esprit de rivalité, annoncent Christ avec des intentions qui ne sont pas pures et avec la pensée d'augmenter les souffrances de ma détention. 18 Qu'importe ? De toute manière, que ce soit pour de mauvaises raisons, que ce soit sincèrement, Christ est annoncé. Je m'en réjouis et je m'en réjouirai encore.*

**Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 : i Kristy no toriana : nampiasain'Andriamanitra ny figadran'i Paoly mba hitoriana ny Filazantsara - Christ est prêché : Dieu avait utilisé son temps en prison pour propager l'Évangile :**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Mba tsy hiala amin'ny fitoriana ny Filazantsara izy ireo, indrindra ao anatin'izao fotoantsarotra lalovan'izy ireo izao, fa handray izany - *Pour qu'ils ne se détournent pas de la prédication de l'Évangile, surtout dans ces moments difficiles, mais qu'ils la reçoivent.*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 283, 1-2 : Manan-jara, ry Jesosy :**

1. Manan-jara, ry Jesosy, ny mpanomponao,  
Izay natokanao hitondra ny Anaranao.  
Nofidianao ho mpitory ny Fitiavanao,  
Nitokiana ho mpamory ny vahoakanao.

2. Izaon no zara-fanompoako voatendrinao,  
Ka ny mafy tsy ahoako hahefako izao.  
Tsy handosi-pahoriana ny mpiasanao,  
Fa ny hazo fijaliana : lova taminao.

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Filip. 1, 19-26 :

19 Fa fantatro fa ho tonga famonjena ahy izany noho ny fangatahanareo sy ny fanomezana [fanomezan'] ny Fanahin'i Jesosy Kristy, 20 araka ny hafatratry ny faniriako sy ny fanantenako fa tsy hahazo henatra aho, na amin'inona na amin'inona. Fa amin'ny fahasahiana rehetra, tahaka ny amin'ny mandrakariva, dia ankehitriny koa no hankalazana an'i Kristy ao amin'ny tenako, na amin'ny fiainana, na amin'ny fahafatesana. 21 Fa i Kristy no anton'ny hahavelomako ary ny fahafatesana no hahazoako tombony.

*19 Car je sais que cela aboutira à mon salut, grâce à vos prières et à l'assistance de l'Esprit de Jésus-Christ. 20 Conformément à ma ferme attente et à mon espérance, je n'aurai honte de rien, mais maintenant comme toujours, la grandeur de Christ sera manifestée avec une pleine assurance dans mon corps, soit par ma vie, soit par ma mort. 21 En effet, Christ est ma vie et mourir représente un gain.*

22 Kanefa raha ny ho velona amin'ny nofo no hahavokaran'ny asako, dia tsy hitako izay hofidiako 23 fa sanganehana eo anelanelan'izy roroa aho, maniry hiala ka ho ao amin'i Kristy, satria tsara lavitra izany, 24 kanefa kosa ny hitoetra eo amin'ny nofo no mahasoana anareo kokoa. 25 Ary satria matoky izany aho, dia fantatro fa hitoetra sy haharitra eo aminareo rehetra aho, hahazoanareo fandrosoana sy fifaliana amin'ny finoanareo, 26 mba hitombo noho ny ataoko ny firavoravoanareo ao amin'i Kristy Jesosy amin'ny hankanesako aty aminareo indray.

*22 Cependant, s'il est utile pour ma tâche que je vive ici-bas, je ne saurais dire ce que je dois préférer. 23 Je suis tiraillé des deux côtés : j'ai le désir de m'en aller et d'être avec Christ, ce qui est de beaucoup le meilleur, 24 mais à cause de vous il est plus nécessaire que je continue à vivre ici-bas. 25 Persuadé de cela, je sais que je resterai et demeurerai avec vous tous, pour votre progrès et votre joie dans la foi. 26 Grâce à mon retour auprès de vous, vous aurez alors dans ma personne une raison d'éprouver encore plus de fierté en Jésus-Christ.*

### Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 : Ny fanantenan'i Paoly - L'espérance de Paul :

#### Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Mba hitodihan'izy ireo amin'Andriamanitra hanarahany ny Sitrapony ka hitondrany antsika ho amin'ny fifaliana miaraka amin'ny Tompo, noho ny Filazantsara – *Pour qu'ils regardent*

*vers Dieu pour qu'ils suivent sa Volonté afin de nous conduire vers la joie de la communion avec le Seigneur, à cause de l'Évangile.*

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 163, 1 sy 3 : He, i Jesosy, tokintsika :**

1. He, i Jesosy, tokintsika, Tompon'ny fiainana,  
Tonga eto amintsika olon-kovangiana,  
Izy no hitory Teny soa, mahavelona,  
Fa ny Ainy no nomeny mba ho solo-voina.
2. Eto afovoantsika ilay Mazava tokana.  
Sambatra izay mahita Azy fa ho velona.  
Ry Jesosy, iresaho i mpianatrao,  
Hafanao sy hatanjaho ny finoanay Anao.

### **FIZARANA 3 – PARTIE 3**

#### **Teksta 3 – Texte 3 : Filip. 1, 27-30 :**

27 Fa ny hany ataoko : aoka ny fitondran-tenanareo ho miendrika ny Filazantsaran'i Kristy, mba handrenesako ny toetrareo (na ho tonga aho ka hahita anareo, na tsy ho tonga), fa haharitra amin'ny fanahy iray ianareo ka miray fo, hiara-miezaka hampandroso ny Finoana ny Filazantsara, 28 ka tsy ho azon'ny fahavalo ampitahorina ianareo na amin'inona na amin'inona. Fa amin'ireo dia mariky ny fahaverezana izany, nefa mariky ny Famonjena anareo kosa, sady avy amin'Andriamantira. 29 Fa ianareo efa nomena noho ny an'i Kristy, tsy ny hino Azy ihany, fa ny hiharam-pahoriana koa noho ny Aminy, 30 dia manana izany ady izany ianareo, izay hitanareo teo amiko sady mbola renareo fa ato amiko ihany ankehitriny.

*27 Seulement, conduisez-vous d'une manière digne de l'Évangile du Christ. Ainsi, que je vienne vous voir ou que je sois absent, j'entendrai dire de vous que vous tenez ferme dans un même esprit, combattant d'un même cœur pour la Foi de l'Évangile, 28 sans vous laisser effrayer en rien par les adversaires. Pour eux c'est une preuve de perdition, mais pour vous de Salut, et cela vient de Dieu. 29 En effet, il vous a été fait la grâce, non seulement d'avoir la Foi en Christ, mais encore de souffrir pour Lui 30 en menant le même combat que celui que vous m'avez vu mener et que, vous l'apprenez maintenant, je mène encore.*

#### **Fanamarihana 3 – Commentaires 3 : Ny fampaherezan'i Paoly - L'encouragement de Paul :**

#### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Église*

Mba hiara-miaritra amin'ny firaisana amin'i Jesosy Tompo izy ireo ka tsy hatahotra ny fahavalo, fa haharitra amin'ny finoana sy ny fibebahana, hanamarika ny

Fitiavan'Andriamanitra – *Pour qu'ils combattent ensemble dans la communion au Seigneur Jésus, qu'ils n'aient pas peur des adversaires, mais soient persévérants dans la foi et la repentance, témoignant de l'Amour de Dieu.*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 270, 1 sy 3-4 : Ry Tompo, izay nanangona :**

1. Ry Tompo, izay nanangona anay ho vato velona !  
Hazony tsy handao Anao ny vato voarafitrao.  
Fa maro no mandronjina  
Handevona.
3. Ry Vato fampiraisana, tariho mba hikambana  
Ny vato voapaika re ho tonga trano lehibe.  
Tsy zakan'ny mpandevona  
Harodana.
4. Ny Kristiana marobe mba ampiraiso tsara re  
Hiray am-pitiavana, ho velona finoana.  
Ka mba hiaraka hanao  
Ny Asanao.

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :**

**Teksta – Texte : 2 Tim. 1, 6-14 :**

6 ... mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako. 7 Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa Fanahy mahery sy fitiavana ary fahononantena. 8 Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika, na ahy mpifatony ianao, fa aoka ianao ho mpiombona ny fahoriana noho ny Filazantsara araka ny Herin'Andriamanitra, 9 izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny Fiantsoana masina, tsy araka ny asantsika, fa araka ny Fikasany sy ny Fahasoavany izay nomena antsika tao amin'i Kristy Jesosy hatry ny fony fahagola, 10 fa naharihary ankehitriny tamin'ny nisehoan'i Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika, izay nahafoana ny herin'ny fahafatesana, ka ny Filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsifahalovana mandrakizay. 11 Ny amin'io Filazantsara io no nanendrena ahy ho mpitory sy Apostoly ary mpampianatra [mpampianatra ny jentilisa].

*6 ... je te le rappelle, ranime la flamme du don de Dieu que tu as reçu lorsque j'ai posé mes mains sur toi. 7 En effet, ce n'est pas un esprit de timidité que Dieu nous a donné, mais un Esprit de force, d'amour et de sagesse. 8 N'aie donc pas honte du témoignage à rendre à notre Seigneur, ni de moi son prisonnier, mais souffre avec moi pour l'Evangile en comptant sur la Puissance de Dieu. 9 Il nous a sauvés et nous a adressé un saint Appel. Et Il ne l'a pas fait à cause de nos œuvres, mais à cause de son propre Plan et de sa Grâce, qui nous a été accordée en Jésus-Christ de toute éternité 10 et qui a maintenant été révélée par la venue de notre Sauveur Jésus-Christ. C'est Lui qui a réduit*

*la mort à l'impuissance et a mis en lumière la vie et l'immortalité par l'Évangile, 11 pour lequel j'ai été établi prédicateur et apôtre, chargé d'enseigner [les non-Juifs].*

12 Ary noho izany koa no iaretako izao zavatra izao, ka tsy menatra aho, satria fantatro izay inoako, ary matoky aho fa Izy dia matahiry ilay zavatra natolony ahy mandra-piavin'izay andro izay.

*12 Voilà pourquoi j'endure ces souffrances, mais je n'en ai pas honte, car je sais en qui j'ai cru et je suis persuadé qu'il a la puissance de garder le dépôt qu'il m'a confié jusqu'à ce jour-là.*

13 Tano amin'ny Finoana sy ny Fitiavana ao amin'i Kristy Jesosy ny mariky ny Teny tsy misy kilema [salama], izay efa renao tamiko. 14 Ilay zavatra tsara natolotra anao dia tehirizo amin'ny fampaherezan'ny Fanahy Masina, izay mitoetra ao anatintsika.

*13 Prends pour modèle les saines Paroles que tu as entendues de moi, dans la Foi et l'Amour qui sont en Jésus-Christ. 14 Grâce au Saint-Esprit qui habite en nous, garde le beau dépôt qui t'a été confié.*

### **Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

### **Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Éternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Éternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Éternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**